HIASA HO ANAO AHO

H O   A N ' N Y   H O A V I N A O

TONGAVA MIFIDY **25**

" **MPANANGANA** FA TSY MPANDRAVA **ISIKA** "

25 TIM Tiako i Madagasikara




X


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 25 oktobra 2018 Laharana 831 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Hala-bato bevata** 3

## Manomboka mivoaka ny porofo

**Faritra Analamanga, Atsinanana, Analanjirofo, Alaotra Mangoro, Betsiboka** 2

# Hita taratra ny handrotsahany ny N°25





**Neny Ravalomanana** 2

## Nahatsidika tanàna 10 tao anatin' ny 1 andro ho fampielezan-kevitr'i Dada



**MPIANDRAIKITRA FOIBE FJKM** 7

## Mijoroa ho olom-pirenena TSARA, dia mifidiana olona TSARA

**Boriboritany faha-4 (CUA)** 5

## Nizara sakafo ho an'ny olona sahirana miisa 300 teo

**Fampielezan-kevitra** 3

## Mpikambana ao amin'ny Governemanta mampiasa fitaovam-panjakana



**Daka kely**

Hay mivelona amin'ny hala-tahaka ialahy ry Boaikely a !

FARITRA ANALAMANGA, ATSINANANA, ANALANJIROFO, ALAOTRA MANGORO, BETSIBOKA

# Hita taratra ny handrotsahany ny N°25

Hatramin'ny alatsinainy teo, faritra 5 no voatsidiky ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana dia ny faritra Analaman-ga, Atsinanana, Analanjirofo, Alaotra Mangoro, ary Betsiboka. Nandritra izany, kaominina sy fokontany maro no voatsidik'i Dada, nanomboka tao Manjakandriana, Alatsinainy Bakaro, Anosibe An' ala, Vatomandry, Mahanoro, Vavatenina, Fenoarivo Atsinanana, Andilamena, Mahazoma, Maevatanana,... Feno hipoka foana ny kianja tamin'ireo toerana rehetra nolalovany ireo, hita taratra ny handrotsahan' ireo rehetra nolalovany ny N°25 amin'ny 7 novambra ho avy izao. Tao Fenoarivo Atsinanana, hatramin'ireo olona na-nao tee-shirt Rajoelina aza dia tonga nihoby sy nanaraka ny fampielezan-kevitr'i Dada. Fa ankoatra izany, araka ny voalaza teo, nisy koa ireo tanàna kely nolalovany: toy ny tany Sahambala, Fotsimavo, Ambodiharatra, Ambalarondro, ka nanazavan'ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana, ny fandaharanasany dia ny MAP 2 sy ny fanomezantokiny na ilay "Manifesto". Nitohy ny tolakandro izany, ka tao Mahavelona-Foulpointe, dia vorilanona ny vahoaka avy amin'ny tanànan'i Besokona, Ando- dabe, Antaratasy, Ampasimbe, sns... Tsotra ny hafatra, "mila harenina ny Firenena hoy ny kandidà satria tao anatin'ny 9 taona dia nitontongana avokoa ny tarehimarika rehetra". Aminy dia tsy izay milaza ho manorina sy mpanangana rehetra akory dia inoana fa misy koa ny mahay kokoa ra-ha mandrava sy manapotika ireo mpifaninana ireo. Ny MAP2 dia tsy inona fa fanarenana ha-ingana ny lentan'ny Firenena aloha, ka loha- laharana ny fandriampahalemana, ny sakafo ho an'ny Malagasy, ny fianaran'ny mpianatra, ary ny fahasalamana sy ny asa ho an'ny vahoaka. Ny ankoatra izay dia mbola haitraitra avokoa. Nazavain'i "Dada" avokoa izany teny amin'ny toerana rehetra nandalovany.




***Isambilo***

Neny Ravalomanana

# Nahatsidika tanàna 10 tao anatin'ny 1 andro ho fampielezan-kevitr'i Dada

Distrika 2 amin'ny faritra Analaman-ga dia Avaradrano tapany Avaratra sy Manjakandriana tapany Avaratra no voatsidik'i Neny Lalao Ravalomanana ny talata teo, na-nao fampielezan-kevitra ho fampandresena an'i Dada laharana faha-25. Tanàna 10 amin 'ireo distrika roa ireo no notsidihan'i Neny tamin'izany dia Ankadikely, Sabotsy Namehana, An-tsofinondry, Anosiavaratra, Faravohitra Avaratra, Ambo- himanga Rova, Ambohidrabiby, Talata Volonondry, izay samy ao amin' ny distrikan'Avaradrano; sy Andriampamaky ary Ankazondandy, izay samy ao anatin'ny distrikan'i Manjakandri-ana. Tamin'ny 6 ora maraina dia efa nanomboka izany fampielezan-kevitra nataon'i Neny izany ary tsy nifarana raha tsy tamin'ny fiafaran'ny tolakandro. Fitafana mivan- tana tamin'ny vahoaka, fizarana ilay Manifesto na dina sy fifanarahana amin'ny vahoaka Malagasy ataon'i Dada, izay tsy maintsy hotanterahany raha vao lany filoham-pirenena izy, ary famoriam-bahoaka no nataony tamin'izany. Fararanombahoaka avokoa izany rehetra izany. Niara-dia taminy tamin' izao fampielezan-kevitra izao ny depioten'Avaradrano Gerry Randriambolaina, sy ny mpandrindra ny fampielezan-kevitry ny kandidà nomerao 25 amin'ny faritra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka. Tantsaha i Dada, tantsaha ihany no afaka mamaha ny olan'ny tantsaha hoy i Neny Lalao Ravalomanana nandritra izany, niantso ny rehetra hifidy izy amin'ny 7 novambra ary hifidy ny kandidà Marc Ravalomanana nomerao 25, nampianatra ny rehetra amin' ny fampiasana ny bileta tokana koa i Neny.



***Isambilo***

Antenimierampirenena

# Volavolan-dalàna miisa 4 no nolanian'ireo depiote

Notanterahina omaly tao amin' ny Lapan'i Tsimbazaza ny fandanian'ireo Solombavambahoaka ireo Volavolan-dalana miisa 04 izay mahakasika manokana ny fampindramambola an'i Madagasikara. Ny Filohan'ny Antenimierampirenena misolo toerana, Harimampianina Andrianarivo no nitarika ny fivoriana notronin'ny Filoha Lefitra Helson Brisson Erafa.

Toy izao ny votoanton'ireo Volavolan-dalana 04 ireo:

1-Volavolan-dalana laharana faha 018/2018 tamin'ny 30 Mey 2018 mahakasika ny "Banque de l'Afrique Australe pour le Commerce et le Développement". Ahafahantsiaka manamora sy misitraka ny tombontsoa rehetra ao amin' ny COMESA amin'ny maha mpikambana feno antsika Malagasy ao, dia niditra ho isan' ny mpikambana ao amin'ny Banky (TBD) isika. Tombontsoa maro no ho azontsika satria io Banky io dia afaka manohana tetik'asa na ho an'ny Fanjakana na mpandraharaha tsotra, afaka ihany koa mampindram-bola ho fampandehanana ny fifanakalozana ara- barotra ho an'ny mpandraharaha miankina amin'ny Fanjakana na tsia.

2-Volavolan-dalana laharana faha 022/2018 tamin'ny 01 Jona 2018 mahakasika ny « accord de prêt relatif au financement de programme de formation professionnelle et d'amélioration de productivité agricole (FORMAPROD).» Ity Volavolan-dalàna ity dia findramam-bola fanampiny ho fanatsarana ny famokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary ihany koa fandrafetana ny paik'ady nasionaly iraisan'ny mpampiofana satria tsapa fa samy manana ny fomba fanofanany ny miankina sy ny tsy miankina. Tanora miisa 41 000 no hisitraka ity fiofanana ity eran'i Madagasikara fa Faritra 13 ihany no hisy ny ivotoeram-piofanana. Ao aorinan'ny fiofanana dia hamoaka tanora vonona hiasa avy hatrany ny ivotoeram-piofanana ka io indrindra no ilana izao findramam-bola fanampiny izao ho fanomezana "fonds de démarrage" ho azy ireo. Mitentina 5 680 000 dolara amerikana ny vola azo hindramina ka 40 taona ny famerenana azy.

3-Volavolan-dalana laharana faha 023/2018 tamin'ny 23 Oktobra 2018 mahakasika ny " accord de prêt relatif au financement du projet de Construction de centrales électriques hybrides photovoltaïque entre la République de Madagascar et le Gouvernement du Royaume de Belgique.» Ny tanjon'izao Volavolan-dalana izao dia findramam-bola ho fanatsarana hatrany ny fanomezana angôvo ho an'ny Firenena Malagasy iray manontolo. Mitentina 8 000 000 Euros ny fampindramam-bola vatsian'ny Governemanta Belge izay haverina ao anatin'ny 30 taona ka ny 10 taona voalohany tsy andoavana zana-bola.

4-Volavolan-dalàna laharana 025/2018 tamin'ny 26 Jolay 2018 : ity lalàna ity dia mandrafitra ny lalàna mifehy sy manara-maso ny fomba fitantanana ireo Orin-draharahampanjakana. Natao izao mba ho fanamafisana ny fanarahamaso, ny tan-tsoroka ho an 'ireo antokon-draharahampanjakana, izany hoe : iza no tena tokony homena subvention. Eo ihany koa ny fanaraha-maso sy fanatsara ny fitantanam-bolan'ny Orin-draharaham-panjakana. Tonga nanatrika izao fivoriana azon'ny besinimaro natrehina izao ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompina, RANDRIARIMANANA Harison Edmond, ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bolam-panjakana, RAJAOBELINA Falihery ary ireo Teknisianina maro avy amin'ny Ministera roa tonta.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fampielezan-kevitra filoham-pirenena : kandida telo hatreto no misongadina

Tapa-bolana mahery izay no lasa, mbola kandida filoham-pirenena telo hatreto no tena manao fampielezan-kevitra mandresy lahatra ny vahoaka mpifidy mba handrotsaka ny vatony ho an'ireo kandida ireo. 36 ny kandida ofisialy fa hirotsaka ho filoham-pirenena, saingy mbola vitsy no mba fantampantatra fa tena hanao fampielezan-kevitra, ny sasany dia sady tsy heno sy tsy hita, eo koa ireo izay vao hiditra an-tsehatra amin'izany fandraisan'andraikitra ho filoham-pirenena izany. Ny misongadina aloha hatreto dia ireo kandida efa nitondra teto amin'ny firenana toy ny filoha Marc Ravalomanana, ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina ary ny filohan'ny tetezamita teo aloha Andry Rajoelina. Efa mba henoheno ihany koa ireo kandida sasany toa an'i Paul Rabary, pasitera Mailhol, ny praiminisitra teo aloha Mahafaly Solonandrasana Olivier, Orlando Robimanana , Saraha Rabearisoa, Rolland Ratsiraka… Ireo kadida efa nitondra dia miezaka mitety faritra, mandresy lahatra ny vahoaka mpifidy ary samy mametraka ny paik'ady sy ny praograman'asany rehefa tonga amin'izany toeran'ny filoham-pirenena izany izy. Ny an'i Marc Ravalomanana dia fampahafantarana ny praograma tamin'izy nitondra ny firenena toy ny Map ka mbola tokony hotohizana no misongadina sady fantatra amin'ny teny hoe hotohizana ny fanamboaran-dàlana. Ho an'i Andry Rajoelina filohan'ny tetezamita teo aloha dia ny praograma amin'ny alàlan'ny IEM no ezahiny ampahafantarina ny mpifidy ary arahina kisarisary amin'ireo tanjona hapetrany isam-paritra izany. Ho an'ny kandida Hery Rajaonarimampianina filoham-pirenena teo aloha dia miezaka mandresy lahatra ny vahoaka mpifidy amin'ny alàlan'ireo praograma vaovao hoentiny raha lany filoham-pirenena indray izy. Tsy hadinony ihany koa ny mampanantena ny vahoaka amin'ireo asa efa vitany sy mbola hataony raha toa ka mbola lany hitondra ny tany sy ny fanjakana izy. Fa hoan'ireo kadida sasany dia sady tsy manao praopagandy no tsy vonona akory hitondra firenena nefa dia nandany vola dimampolo tapitrisa Ar tamin'ny fidirana ho kandida filoham-pirenena. Misy koa ireo kandida am-polony manao fivoriana sy miezaka hampihemotra ny fifidianana satria sady tsy ampy vola, no tsy mbola vonona akory. Etsy andaniny anefa ny eo anivon'ny Ceni dia efa nilaza fa tsy maintsy hirosoana ny fifidianana ary efa vonona ny vola entina manatanteraka izany fifidianana izany eto Madagasikara ny 7 Novambra 2018 ho avy izao. Efa nampihaona ireo kandida ihany koa ny teo anivon'ny Ceni saingy nisy kandida tsy tonga nivory sady tsy nandefa solontena akory. Efa nanao ny andraikiny ihany koa ny Cfm tamin'ny fampihaonana ireo kandida sy hanao sonia ny fifanarahana eo amin'ny samy mpanao pôlitika, saingy vitsy no namaly. Nisy aza no sady tsy tonga no tsy nandefa solontena akory. Amin'ny ankapobeny dia maro ireo kandida no ho very vola fotsiny satria sady tsy fantatr'olona tamin'ny fampielezan-kevitra no tsy hahazo vato akory amin'ny fifidianana. Mbola baraingo apetraky ny mpanara-baovao sy ny mpanao pôlitika koa ny hoe iza marina no tena tia tanindrazana, ary iza marina no tena vonona hampandroso firenena ka tokony ho filoham-pirenena malagasy. Ny datin'ny 7 Novambra 2018 ho avy izao no hamaly izany.

***John***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Olona manana traikefa amin'ny fanamboran-dalana no ilain'ny firenena

Mampimenomenona ny mponina sy ny mpampiasa ny lalam-pirenena faha-6 (RN6) iny, lalana mihazo an'Antsiranana, ankehitriny ny fahatapahan'ireo tetezana izay tsy misy manamboatra haingana hatramin'izao. Efa tany amin' ny nandalovan'ny rivodoza farany teo, tao anaty fotoampahavaratra no nahapotehany kanefa mandraka ankehitriny tsy misy fanamboarana. Mianona fotsiny amin'ny fivilian-dalana (déviation) ny famahana ny olana ataon'ny fitondrana hatramin'ny mbola nahateo amin'ny fitondrana an-dRajaonarimampianina. Ny misahana vonjimaika ny andraikitry ny filoham-pirenena ankehitriny, tsy hita beny ihany amin'izany famahana olana ny mponina sy ny mpampiasa lalana amin'iny faritra avaratry ny Nosy iny izany. Ny mahamaika ho azy aloha, mazava loatra, ny fampandaniana ny kandida tohanan'ny antokony Hvm. Handrebirebena vahoaka ao anaty fampielezan-kevitra ny amin'izay fotodrafitr'asa tsy vita hatramin' izay ny amin'ny fanamboarana azy sy ireo lalana samihafa. Efa tsara aloha rehefa miaiky ny kandida hafa nankahala ny filoha Ravalomanana tamin'ny fotoan'androny fa tsy mba nametraka ho laharam-pahame- hana ny fanamboaran-dalana ao anatin'ireo vinan'asa soritany any anaty gazety sy haino aman-jery isan-karazany ny tenany satria efa misy ny kandidà manana traikefa tanteraka amin' izany. Izy rahateo no nanenjika ny filoha Ravalomanana ny amin'ny hoe: tsy azo hohanina ny lalana, tany amin'ny taona 2008-2009. Dia niaraha-nahita ny fanaovany tsinontsinona ireo lalana rehetra vita rehetra sy hita fa tsara nanomboka tamin'ireo taona ireo. Tsy haka lavitra fa ohatra akaiky ny fahasimbana sy ny faharatsiana miseho eny amin'ny lalana Anosibe iny tao anatin'ny 9 taona izay kanefa efa vita tsara tokoa izany ary nanome endrika ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Tsy namakian'ireo nandroba fahefana ireo asa tsara rehetra vita toy izany. Tsy noraharahina tanteraka ny zavabita tsara nataon'ny filoha Ravalomanana nandritra ny fotoana nitondrany. Anisan'ny mbola ohatra miharihary ihany koa izany lalana mianavaratra izany, izay vita ary nanafaingana nankany amin'ny faritr'Antsiranana sy Diana iny. Tsy nisy izay tsy niaiky fa nanamora ny fivezivezena Antananarivo-Antsiranana na ny faritra manodidina ny filoha Ravolamanana. Ankehitriny anefa miha- mikorosy ny fahatsaran'ny lalana ary noho ny tsy fikojakojana ny zavatra efa vita, noho ny antony fankahalana fotsiny ihany, fa hoe nataon-dRavalomanana io, dia tsy nasiana hasiny firy. Azo tarafina avy amin'izany ny toetran'ireo olona mirotsaka ho kandida filoham-pirenena ankehitriny sy ny amin'ny fomba fisainany sy izay ho fitantanany ny firenena. Iaraha-mahalala anefa, fa ny teny filamatra ho an-dRavalomanana Marc dia hoe "Amboary ny lalana, tohizo ny lalantsika", ary mbola tsy miova izany miditra amin'izao fampielezan-keviny izao fa mbola vonona izy hanohy izany asa efa notanterahany izany fony izy teo amin'ny fitondrana na dia nohetraketrahan'ireo olom-bitsy aza. Ho azy ankehitriny dia hanangana ny rava nopotehin'ny hafa ary hotohizana ny tetikasa nokinasa hatramin'izay. Ny talata lasa teo no nitokana ny tetezana mirefy 55 km faran'izay lava indrindra maneran-tany ny filoha sinoa, ary iraharehany izany. Ny filoha Ravalomanana tsy ambakany fa afaka hahavita fotodrafitr'asa goavana toy izany eto amin'ny firenena raha miaraka aminy isika. Efa niaraha-nahita ny ezaka sy asa lehibe nataony momba izany nandritra ny fotoana nitondrany, fa ny an'ny hafa resaka fampiesonana fotsiny ihany. Mahalala tsara rahateo izany ny vahoaka. Olona manana traikefa amin'ny fanamboanran-dalana sy mahalala ny halehiben'ny lanjan'ny lalana eto amin'ny firenena no ilain'ny vahoaka Malagasy.

***Sôh'son***

Fampielezan-kevitra

# Mpikambana ao amin'ny Governemanta mampiasa fitaovam-panjakana

Araka ny vaovao voaray izao dia misy mpikambana iray ao amin'ny governemanta nampiasa fitaovam-panjakana, nitondra fiarakodia takelaby mena, na plaque rouge, nanao fampielezan-kevitra. Raha nanontany ny hevitry ny HCC, Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, ny Praiminisitra Ntsay Christian mikasika ny andraikitr'ireo minisitra mandritra ny fampielezan-kevitra dia mazava fa tsy azon'ireo mpikambana ao anaty Governemanta atao ny manao endrika fampielezan-kevitra na mampiasa fitaovam-panjakana anohanana kandida. Talanjona ny mpanara-baovao nahita ny fiaran'ity Minisitra vehivavy iray, izay nentina nihaona tamin'ireo olon'ny antoko. Tsy fankahalana, na fanaratsiana akory fa tokony mba hajaina ny lalàna izay ifampifehezana, satria lasa mizana tsidrian'ila ny tahak'izao. Mety misy hafa any fa io aloha no azon'ny mpaka sary sary dia ampahafantarina izao.

***Ny Valosoa***




***Ny fiaran'ilay ministra vehivavy nampiasa fiarakodia takelaby mena.***

KMMR ANALAMANGA

# Efa fantatra ny zava-bitan'i Dada N°25 koa fidio izy

Tetsy Ambohipo indray no nanaovan'ireo komity mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana na ny KMMR Analamanga, fampielezan-kevitra ho fampandresena ny kandida Marc Ravalomanana laharana faha-25 omaly. Vory maro teo amin'ny parking malalaka ny vahoaka. Namafisin' ny kolonely Faustin Andriambahoaka izay filohan'ny filan-kevitry ny kaominina Antananarivo Renivohitra sady filohan' ny KMMR faritra Analamanga, fa isan'ny laharam-pahamehana voalohan'ny kandidà Marc Ravalomanana ny famerenana indray ny hasin'ny tanànan' Antananarivo Renivohitr'i Madagasikara. Ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriboritany faharoa, Rastany kosa dia nanipika fa mahantra ary nampahantraina ny vahoaka taorian'ny 2009, ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana ihany no afaka hanarina ny firenena, mpanorina izy fa tsy mpandrava. Ny olona efa fantatra ny zava-bitany teo amin'ny fitondrana hoy hatrany ity solombavambahoaka ity no aoka hofidina dia i Marc Ravalomanana kandida faha-25.



***Ireo avy amin'ny KMMR Analamanga teny Ambohipo.***

***Helisoa***

Hala-bato bevata

# Manomboka mivoaka ny porofo

Miditra amin'ny herinandro fahatelo amin'ity herinandro ity ny fampielezan-kevitry ny fifidianana ho filoham-pirenena amin'ny faha 7 novambra ho avy izao. Re etsy sy eroa fa maro ireo kandida kely vovok'aina no mivondrona sy mitady ny hanemorana na hanafoanana mihitsy ity fifidianana ity indray ary mikendry fanakorontanana etsy sy eroa. Etsy andaniny dia re etsy sy eroa ihany koa ny filazana ny hisian'ny hosoka amin'io fifidianana io, toy ny fisian'ireo biraom-pifidianana matoatoa sy mpifidy toy izany koa. Ankehitriny dia toa mitombina ihany izany ahiahin'ny maro izany satria hita manomboka mivoaka tsikelikely ny porofo amin'ny mety hisian'ny hala-bato bevata amin'ity fifidianana ity. Efa nisy niresaka matetika ny fisian'ny mpifidy tsy fanta-piaviana any amin'ireny biraom-pifidianana ireny. Raha ny trangan-javatra niseho teto Vakinankaratra dia toa isan'ny nanamarina izany raha ny hita satria raha nisy fizarana ny kara-pifidianana ho an' ny fokontany iray dia voaporofo fa misy olona tsy fanta-piaviana nahavitana kara-pifidianana tao amin'ilay fokontany. Voaporofo mantsy fa nisy tokantrano iray, Lot 0912 F 1…, dia nahitana olona 13 tsy mipetraka akory ao amin'io adiresy io nahavitana kara-pifidianana kanefa dia manodidina ny 10 ihany ny olona tena tokony hifidy ao amin'io tokantrano izay misy mpanofa trano maromaro io. Mbola vao io tokantrano iray io fotsiny no nahitana ity hosoka ity dia efa nahitana izay olona 13 amboniny izay fa ny tokantrano hafa sy ny any amin'ny fokontany hafa dia azo antoka fa ho tahatahak' izay ihany koa. Raha ny resaka efa niely teto Vakinankaratra dia efa nisy nanambara fa misy olona 50 isaky ny biraom-pifidianana no tsy mponina ao amin'io biraom-pifidianana io fa nanaovana karatra hifidianana ihany mba hangalaram-bato. Mampiahiahy araka ity trangan-javatra ity ny mety haterak'io fifidianana io. Na izany na tsy izany dia efa mivonona amin'ny fiatrehana izany ny kandida laharana faha-25 ary matoky ny mpanara-maso iraisampirenena sy ny eto Madagasikara.

***Lezama***

## TONONKALO

## FANTARO ILAY HOE GISALAHY

Ny gisalahy mpangala-ketsa no mitady ny hiverenany,
Ka mampiakatra ny feony sy manao izay fara heriny.
Lalina ny fieboebony sy ny fiheviny ny tenany,
Ary tena tsy mahitsy fa manjola ny fijeriny.

Hita taratra amin'izany ny hevi-petsiny sy tanjony.
Ho azy: "ny fitiavantena , izay no lehibe indrindra",
Ka tazano ny hagegeny , indrindra ny fianjonanjony,
Fa dia gisa , tena gisa raha mihoaka sy mamindra !

Koa mihevera , mandiniha ry Malagasy an-tapitrisa,
Fa ho ratsy , tena ratsy ny fizotran'ny tantara,
Raha hametra-pitokiana sy hiantehitra amin'ny gisa,
Isika manana fanamby hanondrotra an'i Gasikara .

Fa ny gisa , fa ny gisa sy ny mifanahin-gisa
Dia sokajy iray ihany k'aoka isika mba hitandrina.
Idifio ny toy ireny fa "vao mianatra manisa",
Ka ny iray hatramin'ny telo no hainy raha mba mifanandrina !

***SEDERA RAVALISON (24-10-18)***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Misaina R**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fampielezan-kevitry ny kandida Marc Ravalomanana N°25 hatramin'ny omaly.









Ny fampielezan-kevitra nataon'ny KMMR Analamanga teny Ambohipo.









## NY TENY FIAINANA

*Jaona 8:36*
*Koa raha ny Zanaka ny hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa hianareo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Dada N°25 ihany no tena nahavita lalana lavabe teto



**Claude Ratolojanahary :** Dada N°25 ihany no tena nahavita lalana lavabe teto hatramin'izay, araka ny tatitry ny Banky Iraisam-pirenena dia nahavita lalana mirefy 9200 km ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana.

**Sopi Andriam :** sur e, 25 le num, Dada no hahavita hanao goudron ny lalam-pirenena rehetra eto izay mbola tsy vita, ary ny hanao hatramin'ny lalam-paritany koa. Tohizana ny lalantsika, fidio N°25.

**Valérie Rananja :** de refa manao lalana de misy miteny hoe ny lalana nga azo hohanina? Nefa tena azo hanina tokoa ny lalana satria mihena ny frais rehefa tsara ny lalana, tafavoaka avokoa ny vokatra rehetra izay mihitsoka any rehetra any.

**Sanda Ratsimbazafy :** Ambatondrazak , Ambilobe Vohemar, Betroka , Mandritsara , Bealanana , Midongy , Anosibe an'Ala, Ikongo , Maroantsetra , Maintirano , Besalampy , Mananara , Ambatomanoina , sns... reo dia tsy maintsy ho vitain'i Dada satria izay no anisan'ny priorité ao anatin'ilay Manifesto, mitohy amin'ny MAP 2.

**Ken Noums :** 25 foan eee, azo hanina ny lalana, Dada ihany no hahavita hanamboatra ireo lalana rehetra tsy vitan'ny tetezamitatra, sy tsy vitandRamampiesona.

**Nathanael Arief :** eza zw messieurs le tip top amzw. sa mbl mizara teeshirt, ilay mpanongam-panjakana sans valeur.

**Fredo Andriamalala :** kely sisa de ho vitan'i Dada reny làlana ireny e! 25 iany.

**Mathieu Zo Tsarafara :** dia hisy hiteny in-1 zao oe ny lalana nga azo hoanina!!hi3!!!

**Ando Randriarimanana :** rehefa vita ny lalana, mandroso ho azy ny tanàna lalovany, lasa madio sy tsara izany ny tanàna. Afaka 2 volana eo raha ela dia ho vita Dada hanomboka hanamboatra indray ny lalana.

**Claude Shum :** fidio 25 de vita ny problème mombany lalana !!!! izy ihany no mahavaha an'io, efa ao ny ALMA hanatanteraka ny asa rehetra, izany dia hiteraka asa maro ho an'ny tanora manerana ny Nosy.

**Herinantenaina Randrianalison :** tsy fihinana hono ireny hoy ny sasany é. zao anefa hoe hatao mitovy amin' ny any Miami hono hihiiiiii!! Tena miredi-redy ilay Boaikely.

**Dillane Rakotomalala :** OK 25, 25 ihany, 25 hatrany, 1er tour de vita : hatao ny lalana, hiverina ny kit scolaire, ny tablier an'ny mpianatra, ny cantine scolaire,... fidio Marc Ravalomanana N°25 amin'ny 7 novambra ho avy izao.

**Randrianarimanana Tojosoa :** lalana angaha azo hanina tamzan e! Zao nef ny olona sahirana daoly @ lalana !! De eo vo matsiaro an'i dada!! Ok dada zay maka nw fidio Dada numéro 25 amin'ny 7 novambra.

**Odilon Onis :** ok Président Marc Ravalomanana fo nantsika jiaby. N°25 le 7 novembre.

**Marisony Pierre :** Dada ihan no vahaolana, izy no mbola hahavita lalana indray avo 2 na 3 heny amin'ny 9200 km efa vitany.

**Fitiavana Nicolas :** vitan dada io lalan io we amizay afaka miparitak ny zavatra rehetra (vokatra, fitaovan, sns eee ) Dada no vahaolana am zay ilain'ny vahoaka rehetra.

**Hantamalala Razafinirina :** fidio Dada fa ho vita tsy ho ela io lalana mampijaly io! Lalana jiaby io ho efa jiaby.

**Herinantenaina Randrianalison :** tsy fihinana hono zany hoy ny sasany fahizany nefa mangalatahaka ankehitriny no sady mandatsa ny vahoaka . mba misaina ry gasy havana o! Fidio ilay tena nahavita dia Prezidà Marc Ravalomanana N°25.

**Ezedo Brice Jao :** tonga de 25 zan no tiana hambara raha vao resaka lalana, izy ihany no hahavita be, tohizana ny lalantsika e!

**Dylan Nomenjanahary :** ambarako @tsika Malagasy rehetra na zaza na tanora na antitra efa manjoko..."tsy fihinana ny lalana fa MAMPIHINANKANINA... Noho izany fidio Dada N°25 fa izy no hampihinan-kanina antsika.

Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nizara sakafo ho an'ny olona sahirana miisa 300 teo

Olona sahirana miisa 300 indray no nisitraka ny fanomezan-tsakafo maimaimpoana teny amin'ny Fokontany Ankazotoho Anosimahavelona, izay nokarakarain'ny boriboritany faha-IV, ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ka ny sampan-draharahan'ny fiahiana ny Fokontany no nandray andraikitra feno tamin'izany. Vary amin'anana miampy laoka no natolotra ireo mponina izay sahirana teny an-toerana. Tonga nanatrika izany teny an-toerana, nisolotena ny ben' ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravaloanana, ny mpanolotsaina ny tanàna izay voafidy teny amin'iny boriboritany faha-IV iny Andriamatoa Ralaimoria Ezekiela. Ny fitsinjovana ny sahirana ara-pivelomana toy izao hoy izy dia ao anatin'ny toromarika nomen'ny ben' ny tanàna. Ny ezaka dia mbola ho tohizana hatrany manerana ireo Fokontany izay mandrafitra ny boriboritany faha-IV.



*Ny sasany amin'ireo mponina sahirana ara-pivelomana nampisakafoanan' ny CUA.*

***Aly***

Programme de société

# Le « copier-coller », un système payant ?

« Le MAP de Ravalo est très complet et reste ainsi incontournable », a signalé le commentaire d'une femme qui a fait le tour des programmes des différents candidats présentés par les liens publiés dans les réseaux sociaux. Celle-là même qui fait le constat que le document de 114 pages embrasse tous les grands défis que Madagascar doit relever. Ces défis, on les retrouve dans les programmes de certains candidats.« Seuls les détails et les goûts diffèrent ! », indique-t-on. Le MAP, fruit d'un long processus, travail d'un « think tank » réunissant des experts malgaches et étrangers, faisant l'objet des ateliers régionaux d'appropriation en 2006 suivi d'une grande séance d'adoption à Iavoloha, constitue une source d'inspiration pour les uns et les autres. « Seuls les détails et les goûts diffèrent ! », encore une fois. Si deux candidats se disputent de la formulation du mot « émergence », le MAP avait déjà imagé l'idée avec le « saut qualitatif », l'idée substantielle est, en effet, de « sortir d'une situation difficile ».



Le candidat n°25 s'est distingué par son « Manifesto », c'est-à-dire, un engagement, un contrat, le liant avec le peuple. D'autres candidats ont suivi, employant des mots malgaches signifiant la même chose. Si ce mê-me candidat a publié, le premier, ses « 25 raisons pour élire Ravalomanana », d'autres ont suivi utilisant également leur numéro de dossard. A la guerre comme à la guer-re, le « copier-coller » est devenu un système pay-ant, comme le « tsyhitaizaymaharatsyazy « des coutumes malgaches. Comme tous les « grands » candidats affichent des photos avec des grandes foules, ce choix communicatif ne signifie plus rien aux yeux des électeurs, c'est sans doute la raison pour laquelle le candidat n°25 choisit, ces derniers temps, d'afficher plus des photos de proximité, valorisant les contacts directs avec la population, son style depuis qu'il est revenu dans son pays. C'est plus émouvant, avec plus de chaleur et de sympathie hu- maine. Mais cette option va certainement être copiée…

***Ny Valosoa***

Fiaraha-miasa ara-tafika

# Sambo mpiady Indiana niantsona tao Toamasina

Niantsona tao amin' ny seranantsambon' i Toamasina tamin' ny faran' ny herinandro teo ireo sambo mpiady an' ny tafika andranomasina Indiana miisa roa. Tonga nanamafy ny firahalahiana sy nanamafy ny fifandraisana tamin'i Madagasikara no anton'ny fitsidihan'izy ireo tamin' izany, nisy ny fifanakalozana traikefa teo amin' ireo tantsambo avy amin' ny tafika an-dranomasina Indiana sy Malagasy tany an-toerana, nandritra izao fandalovany tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana izao. Tonga nitsena azy ireo tao Toamasina ny Ambasadaoron'i Inde monina sy miasa eto Madagasikara, Subir Dutta, notronin' ireo manampahefana sivily sy miaramila tao Toamasina.

***Isambilo***

Betafo

## Ravan'ny polisy ny andian-jiolahy mpamaky trano

Isan'ny vanim-pototoana mampirongatra ny asan-jiolahy ny vanim-potoana mahasahirana ny olona toa izao, na dia tsy mbola ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra aza isika izao. Ny hala-botsy sy vaky trano moa no tena mibahana amin'izany ka raha ho-an'ny kaominina betafo dia nirongatra ary lasa sesilany ny vakitrano tao andrenivohitry ny distrikan'i Betafo tao. Rah any tatitra teo anivon'ny polism-pirenena tany an-toerana, dia ny faran'ny herinandro teo, dia olona sy tokantrano 4 no indray nametraka fitarainana tao amin'ny tranon'izy ireo. Raha ny fanazavana nomen'ny kaomiseran'i Betafo, Andriampenomanana Martin, dia hatramin'ny hetsika nanatanterahana ny isan-taonan'ny fiangonana FLM Spam, izay natao tao BEtafo, no tena nampirongatra io vaky trano io ary izao nitohy izao. Nanararaotra ny fahamaroan'ny vahiiny sy ireo nanofa trano vetivety tany noho io isan-taona io ireo tontakely ary maro no efa voan'izy ireo, indrindra ireo mpivavaka vahiny tonga tany. Efa nisy voasambotra ireo jiolahy nandritra io hetsika io, saingy nitohy ny asa ratsy na vita aza ilay isan-taona ka mitety tanàna mihitsy ireo jiolahy mamaky trano sy manafika, ka lasibatr'izany ny fitaovana izay hitan'izy ireo eo sy izay biby fiompy azony tsy ankifidy ihany koa. Nanomboka ny zoma faran'ny herinandro teo ny hetsika fanadiovana nataon'ny polisy, ka nisy ny fisamborana ireo olon-dratsy nahiahiana. NAnaovana fanadihadiana ireo vitsivitsy azo volaohany ary niaiky ihany sy nanoro ny namany avy eio. Notsimponina fotsiny arabakiteny ireo jiolahy hafa avy eo, ary hatramin'ny omaly talata dia 7 lahy no efa voasambotra ao. Hatolotra ny fotsarana ireo, raha ny fanazvana hatrany ary misy ireo niaiky ny zavatranataony ary misy ny tsy miaiky mazava loatra saingy feno ny fepetra nahafahana nanolotra azy rehetra ireo ny fitsarana. Ho an'i BEtafo, dia milamina ihany ami'nny ankapobeny, ankoatr'ity vakitrano sesilany ity, ary nampitombo ny fisafoana androa man'alina ataony ihany koa ny polisy ao Betafo hifehezana ziany tsy fandriampahalemana ziany.

***Solohery***

Club Bouliste UNOH

## Hangotraka ny fankalazana ny faha- 15 taona nijoroany

Isan'ireo klioba matanjaka sy manana ny maha izy azy eto Vakinankaratra ny CBU na ny Club Boulliste Antsirabe. Feno 15 taona moa ny ekipa ka hanomana hetsika satria hankalaza ny faha 15 taona nijoroany ny C.B.U na ny "Club Bouliste Unoh", izay tarihin'I Dr Rasamimanana Honoré Gabriel, filoham-boninahitry ny klioba. He- tsika goavana tsy mbola nisy tao Antsirabe no hanamarihana rah any fanazavana satria dia loka fiara iray na vola 6 tapitrisa Ariary no loka amin' izany. Hisy ihany koa ny loka hoan'ireo faharoa dia Moto roa mihitsy ary biskiletako ny laharana fahatelo. Marihina fa mbola misy ny amboara miaraka amireo fanomezana goavana ireo. Tsy nasiana fanavahana moa ny "Open", izay natao ho an'ny rehetra ny fifaninanana nampitondraina ny anarana "Grand Open", izay ho tontosaina eny amin'ny kianjan'ny Star Antsirabe. Rah any nambaran'I Dr Nonoh dia vao sambany teto Antsirabe no nisian' ity fifaninanana ity, ka inoany fa hahasarika ny maro ity fifaninanana hanamarihana ity faha 15 taon'ny CBU ity. Rah any fanazana ihany dia "Open" hoan'olon-droa "Boos+ Elite" iray no mifaninana amin'izany. Isan'ny klio-ba matanjaka eto Madagasikara moa ity klioba ity satria efa maro ny am- boara azony naneran-tany sy nanerana an'I Afrika ihany koa, ary isan'ny namokatra mpialao kalaza nanera-na ny nosy koa izy ireo.

***Lezama***

Herinandron'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza

## Nisy fitiliana maimaimpoana ny otrik'aretina VIH/SIDA

Nisokatra ny alatsinaniny lasa teo ary haharitra herinandro ny fanamarihana ny herinandron'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza. Andiany faha-25 izy io izay karakarain'ny minisiteran'ny fahasalamana. Zaza malagasy an-tapitrisany no hatao vaksiny amin'izany ary arahina fanomezana « vitamine » ho azy ireo. Natao hampitombo ny hery fiarovana aminy no tanjona amin'izany. Hisongadina ihany koa ny fitiliana maimaimpoana ny otrik'aretina VIH/Sida ho an'ireo vehivavy bevohoka sy te-hitondra vohoka ka manodidina ny iray tapitrisa izy ireo. Nambaran'ny minisitry ny fahasalamam-bahoa-ka, Rantomalala Harinirina Yoel fa ny hananan' ny zaza malagasy fahasalamana no tanjona ankoatr'ireo vehivavy bevohoka sy te-hiteraka. Tsiahivina, fa na nahazo ny mari-pankasitrahana aza ny malagasy izay naharesy ny aretina lefakozatra dia mila tohizana hatrany ny ezaka fanaovana vaksiny ho an'ny zaza malagasy isan-taona.

***John***

## SARIITATRA: Mavesa-danja i Dada




Andro eran-tany ho an'ny fahitana

## Nankalazain'i Vakinankaratra tao Ambohimandroso Gara

Isan'ny nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny fahitana ny Faritra Vakinankaratra, ka ny kaominina Ambohimandroso Gara ny herinandro lasa teo no nandray izany. Raha ny fantatra nandritra ity hetsika ity dia 2 monja ny isan'ny "Professeur" amin'ny fitsaboana maso, ary manodidina ny 70 monja eo ihany koa no dokotera mpitsabo maso dia mbola vitsy arak'izany ireo matihanina misahana ny fitsaboana maso eto Madagasikara. Fantatra ireo rehetra ireo nandritra ity fankalazana ny andro manerantany ho an'ny fahitana ity. Ho an'i Vakinankaratra dia efa nisy ny ezaka nataon'ireo mpitsabo maso sy ny vision 2020 amin'ny fitsabona maso manatona ny vahoaka. Betsaka ireo tolotra hoentin'ny fitsaboana maso Andranomadio mitety toerana maro ao anatin'ny faritra iray manontolo araka ny nambaran'i Dr Andriamampiantona Richard, mpitsabo maso ao Andranomadio. "Fahasalaman'ny maso, andraikitra ny rehetra, samy tompon'andraikitra avokoa ny rehetra". Niompana tamin'izany ny lohahevitry ny hetsika rehetra teto amin'ny EPP Ambohimandroso. Raha ny fantatra dia efa mavitrika amin'ny fanatonana mpitsabo ny vahoaka aty Vakinankaratra ary efa maro koa ireo tolotra manatona ny vahoaka. Fantatra ary fa efa ho 10 taona izay no nisian'ny fitsaboana mitety vohitra, isan-taona dia manodidina ny 6000 ny olona mahazo ny fitsaboana maso maimaimpoana indrindra eny amin'ny tontolo ambanivohitra, ary manodidina ny 2000 eo ho eo no mahazo solomaso tsy vidiam-bola. Raha ho an'ny voatoana amin'ny fandidiana katarkta dia manodidina ny 500 isan-taona eo ho eo. Tao amin'ny EPP Ambohimandroso no natao ny lanonana. Nisy araka izany ny fitiliana maimaimpoana teto : ny fizahana maso, fitiliana diabeta, fizahana sofina, ary ny fizahana ny tosi-drà. Velom-pisaorana noho izany tolotra maimaimpoana izany ny vahoakan'Ambohimandroso. Maro ireo vahoaka tonga nisitraka ny tolotra. Fa nahaliana ny vahoakan'Ambohimandroso ny tolotra ara-pahasalamana maimaimpoana nifanindran-dalana tamin'ny fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny fahitana tany an-toerana. Olona an-jatony maro no nisitraka izany tolotra izany, nisy ny fitiliana ny diabeta, ny fitsapana ny tosi-dra, fizahana maso ho an'ny ankizy sy ny olon-dehibe ny fitsaboana sofina , ary ny fizaham-pahasalamana amin'ny ankapobeny. Izany rehetra izany no tontosa dia noho ny fiaraha-miombon'antoky ny mpitsabo avy amin'ny H.J.R.A, Ny hopitaly Fitsaboana maso Andranomadio, ny Centre Ezco, ny avy any amin'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, sy ny maro hafa mpiara-miombon'antoka ny CBM na ny "Christffel Blinden mission" sy ny "Lyons sight first amin'ny alalan'ny Lyons Club Antsirabe. Hetsika tsy dia miverina matetika ny toy izao, ka tonga maro ny mponina nizaha fahasalamana . Raha tsy misy ny fizahana maimaimpoana toy izao dia mahatratra hatrany amin'ny 15 000 ariary ny fizahana eny amin'ny mpitsabo matihanina, ary mitentina 60 000 Ar hatramin'ny 70 000 Ar kosa ny vidin'ny solomaso. Tsy ho takatry ny fahefaha-mividin'ny isam-batan'olona ny tahaka izany, ka maro ireo nanararaotra. Rotary Club Antsirabe, Mpiara-miombon'antoka feno amin' ny fahasalaman'ny maso. Ireo zaza voatily fa voan' ny katarakta nandritra ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny fahitana ny herinandro lasa teo dia ho raisin'ny "Lyons sight first Madagasca" ny fandidiana azy, ary fandraisana anjara fotsiny ihany no anjaran'ny fianakaviana. Ny "Lyons sight first" dia tetikasa iray hiantsorohan'ny lyons Club manerantany ary miasa amin'izany ny Lyons Club Antsirabe Ranovisy. Tsy vao izao ny Lyon's club Antsirabe Ranovisy no manao tohana amin'ny fahasalaman'ny maso fa efa naharitra fotoana ela. Raha tsy hilaza fotsiny afa-tsy ny fitsaboana maso mitety vohitra dia efa 10 taona izay no niarahan'ny Fitsaboana maso Andranomadio niasa tamin'ny lyons Club Antsirabe Ranovisy, araka ny nambaran'Andriamatoa Raymond Rakotondramavo mpikambana ao amin'ny Lyon's club Antsirabe Ranovisy. Raha ho an'ireo marary manatona ao amin'ny hopitaly Atsimo manokana ka voamarina fa voan'ny katarakta dia avy hatrany dia halefan'ny hopialy any amin'ny Lyon's club mba ho raisina an-tanana. andraikitry ny rehetra arak'izany ny fahasalaman'ny maso ka samy mandray ny manandrify azy avokoa ny sokajy rehetra. Tanjona iombonana ny fihenan'ny tsy fahatomombanana ara-pahitana amin'ny taona 2020.

***Lezama***




# "Andeha isika hiady amin'ny fahantrana lalina"

Fanehoan'i Marc Ravalomanana ny tetik'asany raha lany filoha izy




Anisan'ny laharam-pahamen'ny Filoha teo aloha sady kandida faha 25, Marc Ravalomanana, raha voafidy ho Filoha izy amin'ny faha 7 Novambra ny fanafoanana ny fahantràna eto Madagasikara. 92% ny vahoaka miaina ambanin'ny 2 dolara isan'andro.

" Tsy maintsy ho foanantsika ny fahantrana lalina mahazo ny firenena. 80% ny mponina no mandry fotsy. Tsy mendrika amin'ny maha-olombelona izany ary manaratsy ny zo maha-olona ny olom-pirenena. "

Izay no mahatonga ahy hilatsaka indray mba hamongorantsika izany toe-javatra izany ary hamerina indray ny hasina maha-olona " hoy Marc Ravalomanana.

Nanome toky izy fa handray fepetra haingana hanafoanana ny fahantrana ao anatin'ny 100 andro voalohany ahatongavany eo amin'ny fitondrána. Sarotra no sady mafy izany fanamby izany ary mila drafitra maty paika. Anisan'izany ny fanjarian-tsakafo sy ny fandriam-pahalemana amin'ny alàlan'ny fampijanonana ny halatr'omby, ary ny fampitomboana ny vary sy ny famokarana ny vokatra hafa; ary koa ny famoronana asa; fampitomboana ny foto-drafitr'asa, fampianarana, ary koa ny famatsiam-bola mivantana avy any ivelany ary, mazava ho azy, ny fanampiana iraisam-pirenena raha tsy hilaza afa-tsy izay vitsivitsy izay aho, hoy Marc Ravalomanana

" Soa ihany fa efa vitantsika izany teo aloha. Ary efa nisy fandrosoana azo tsapain-tanana ary tratra ny tanjona tao anatin'ny asa fampandrosoana an'ny Nations Unies niaraka tamin'ny " Madagascar Action Plan (MAP) ", izay noravan'ny fanonganam-panjakana tamin'ny 2009. Vao nitranga izany dia nidina teo amin'ny 7% ka hatramin'ny 2% ny harikarem-pirenena izay mbola tsy voaharina tanteraka.

Na dia tsy mora aza izany dia afaka ataontsika indray. Manana tetik'asa mivaingana ho amin'izany Marc Ravalomanana izay ho tanterahiny raha vao tonga eo amin'ny fitondrana isika ary tena azo antoka, fa ho vita ao anatin'ilay 100 andro voalohany. Ireo tetik'asa ireo dia ilaina ny fiaraha-miasan'ny Malagasy tia tanindrazana rehetra. Tsy maintsy miray hina isika hiadiana amin'ny fahantrana.

" Tena efa resy lahatra izahay fa ny governemanta dia tsy hiasa afa-tsy ho amin'ny fanasoavana ny vahoaka Malagasy. Hanompony vahoaka no ahatongavantsika eo amin'ny fitondràna ", hoy ny kandida faha 25.

